THE Inside Scoop

LAHARANA 4

Q1 2026

HO HITANAO ATO

Fiovan'ny mpitantana .............................. 2
Fizarana momba ny aroloza .......................... 2
Ireo toerana rehetra hiasan'i Energy Fuels ............... 3
Lova navelan'ny fianakaviana Hemphills.................. 5
Loa-bary an-dasy .................................. 5
Akon'ny fampahalalam-baovao ....................... 5
Varavarana misokatra ............................... 6
Zava-misy mifototra amin'ny antontan-kevitra............ 6



Ny "The Inside Scoop" dia maneho taratra ny fomba fiasa ato anatin'i Energy Fuels.

## Tenin'ny Filoha Tale Jeneraly

Manan-danja ho an'izao tontolo izao ny fisian'ny ekipan'i Energy Fuels. Nanamarika ny fanjakana sy ny firenena rehetra hiasan'ny orinasa isika tamin'ny taona lasa, miampy ny asa famatsiana ireo minéraux critiques ilain'ny fiarahamonina. Maro dia maro ny asa nosahanina tany amin'ny site sy birao tsirairay ary ny isan'ambaratonga eto anivon'ny orinasa, saingy nandroso foana isika isan'andro.

Mety tsy mahita afa-tsy izay atao androany isika rehefa mandinika ny asantsika andavanandro, tadidio nefa fa manana anjara asa anatin'io iraka goavana io isika tsirairay avy. Ny tanjon'i Energy Fuels dia hamokatra minéraux critiques 10 amin'ny 50 misy eo amin'ny tsena. Tsy ho vita mora izany.

### Uranium

Niroborobo haingana ny famokarana uranium ataontsika, izay vaovao tsara ho an'ny rehetra. Nahavokatra uranium be dia be amin'ny taha tsara indrindra teo amin'ny tantaran'i Etazonia ny toeram-pitrandrahana Pinyon Plain.

Noho ny asa mafy ataon'ny ekipan'ny ozinina White Mesa amin'ny fikirakirana ireo vokatra avy any Pinyon sy La Sal dia manana tahiry ampy isika hamatsiana ireo mpanjifa sy hamarotana ny ambiny amin'ny fotoana mahamety.

Araka ny vinavinan'ny World Nuclear Association dia hitombo avo roa heny ny filàna vokatra fandrehitra nokleary hatramin'ny 2040. Manome toky antsika izany fa afaka miantehitra amin'ny uranium isika ao anatin'ny ezaka fampivelarana ny asantsika anatin'ny taona vitsy hoavy. Manome toky ny tsirairay amin'ny tanjaky ny orinasa Energy Fuels koa izany.

### Terres rares

Mety maheno momba ny terres rares matetika ianareo amin'ny vaovao, indrindra taorian'ny resaka malaza momba an'i Greenland sy Ukraine, sy taorian'ny nilazan'i Chine fa mandrara ny fanondranana sy famarotana terres rares mavesatra mankany Etazonia izy. Lazaiko anareo fa mbola mahavita manangana rojom-pamatsiana matanjaka mandritra ny taona maro isika mialoha ny hanombohan'ny fitrandrahana any amin'ireo toerana ireo.

Momba ireo orinasa milaza azy ho goavambe, matanjaka sy haingam-piasa indrindra, manam-pahaizana maro no miaiky fa mahavita mihoatra ireo mpifaninana aminy ny ekipantsika raha ny zava-bita sy ny vokatra tontosa no jerena. Na eo amin'ny sehatry ny indostria na ny fanjakana dia maro no manaraka akaiky ny zava-bita misongadina sy ny mbola azontsika atao.

### Fasika mineraly mavesatra sy Mônazita

Etsy an-daniny, mitohy ny tetikasam-pitrandrahana fasika mineraly mavesatra izay hamatsy mivantana ny titane sy zirconium misoratra amin'ny lisitry ny minéraux critiques aty Etazonia. Ireo tetikasa ireo koa dia manampy mamatsy ny monazita ilaintsika amin'ny paikady momba ny terres rares. Nisy ireo nisalasala nilaza taloha fa diso paika isika, kanjo miantso aty aoriana miaiky hoe diso izy ireo fa mety ihany ny nataontsika. Tsoriko aloha fa mahafinaritra ahy ny sasany amin'ireo resaka ifanaovana ireo.

*Mitohy amin'ny pejy manaraka*

Maro zavatra sahanina isika amin'izao fotoana izao. Tsy mora ary mitaky fiovana sy fitomboana ny fametrahana dian-tanana eran-tany amin'ny alalan'ireo sokajim-bokatra telo lehibe vokarintsika. Nampitombo ekipa isika, nampiditra olom-baovao sy fahaizana vaovao isan'ambaratonga hanohanana izany ezaka izany.

Araka ny nolazaiko volana vitsy lasa, izaho koa manana mpiaramiombona antoka matanjaka manampy ahy mitarika ny orinasa dia tsy iza fa ny filoha vaovao Ross Bhappu. Amin'ny maha-mpitantana orinasa ela nihetezana azy dia tanjaka lehibe ho antsika ny fananana azy ary azo antoka fa mizotra amin'ny tokony ho izy ny lalantsika.

Raha fintinina dia samy be atao avokoa ny ekipa rehetra erantany, kanefa manana iraka iraisana goavana isika, ary tompon'antoka amin'ny fanatrarana sy fampahombiazana izany ny mpiasa tsirairay.

**Mark S. Chalmers,** CEO, Energy Fuels

## Fiovan'ny mpitantana

Efa ela no nisian'i Energy Fuels taty Etazonia. Eo ampanitarana ny asa hisandrahaka manerantany sy eo ampanomanana hoavy matanjaka isika izao. Niantoka ny fitohizan'ny fitantanana foana ny Filankevi-pitantanana hatramin'izay, ary vao haingana no nampahafantatra fa i Ross Bhappu no handray ny toerana maha Filoha sady Filoha Tale Jeneralin'ny orinasa. Izy indray no handimby an'i Mark Chalmers, izay Filoha Tale Jeneraly nandritra ny 10 taona sady efa nisehatra tamin'ny fitrandrahana uranium nandritra ny 50 taona.

Nitondra tombontsoa ho an'ny orinasa ny fahaiza-mitarika miavaka nasehon'i Mark sy ny fahaizany ary ny traikefa ananany eo amin'ny sehatry ny uranium ka nahazoantsika vokatra misongadina. Ny fanapahan-keviny hanitatra amin'ny sehatry ny terres rares koa dia nametraka an'i Energy Fuels ho tonga orinasa sangany manerantany amin'ny famokarana vokatra mineraly critiques miantoka ny fahamarinan-toerana sy filaminana ary firoboroboana.

Na tsy ho hita firy ao amin'ny birao sy ny toeram-pitrandrahana intsony aza i Mark, dia mbola handray anjara amin'ny maha-consultant azy ao amin'ny Energy Fuels ihany. Hanohy hanoro hevitra sy hanampy an'i Ross, izay handray ny fitantanana amin'ny fomba ôfisialy ny 15 aprily 2026.

Niara-niasa akaiky i Ross sy Mark nandritra ny volana maro mba hahatomombana tsara ny famindram-pitantanana sy hihazonana ny vinan'i Energy Fuels. Manana traikefa betsaka amin'ny fitrandrahana i Ross ary efa voaporofo ny fahombiazany eo amin'ny fitantanana orinasa. Mitohy toy ny mahazatra ny asa andavanandro eo am-pandraisan'i Ross ny andraikiny vaovao. Ifantohany amin'izany ny fitantanana ny fitambaran'ireo fananan'ny orinasa eran-tany, ny fametrahana ny kolontsain'ny orinasa ary ny fampandrosoana ny paikady hahatonga an'i Energy Fuels ho ivon'ny tolotra sy ny tinady amin'ny minéraux critiques eran'izao tontolo izao.

Misaotra an'i Mark isika tamin'ny fahaiza-mitarika nasehony nandritra izay taona maro izay ary miandrandra ny hitohizan'ny fahombiazana miaraka amin'i Ross.

## TOROHEVITRA AROLOZA

### FISOROHANA NY RATRA SY ARETINA ATERAKY NY HAFANANA

Amin'ny toetrandro mampidi-doza any Etazonia dia ny hafanana no antony voalohany ahafatesan'olona sy mitari-pahavoazana eo amperinasa. Teo anelanelan'ny 2011 sy 2022 dia mpiasa 479 no maty noho ny hafanana tafahoatra, ary an'arivony isan-taona no maratra na tratran'ny aretina vokatr'izany. Tsy ampy aza io antontanisa io noho ny tsy fahafenoan'ny tatitra. Ireo miasa ivelan'ny trano na anatiny saingy tsy ampy rivotra sy fampangatsiahana no tena lasibatra, indrindra ireo miasa akaikin'ny fitaovana mamoaka hafanana toy ny lafaoro na ny fandorana goudron.

Ny fanarahana ireto torohevitra ireto dia hanampy antsika hisoroka ny loza sy hamokatra kokoa amin'izao vanin-taona mafana izao.

**VAOVAO TSARA: AZO SOROHINA NY ARETINA SY FAHAFATESANA NOHO NY HAFANANA**

**Aoka ho ampy rano foana:** Misotroa rano alohan'ny hanombohanao miasa sy mandritra ny fotoana iasanao.

**Zaro tsikelikely amin'ny hafanana ny vatana:** Ampiakaro tsimoramora ny habetsaky ny asa ataonao ao anatin'ny herinandro voalohany.

**Manaova tatitra matetika:** Raha miasa irery dia miresaha amin'ny tompon'andraikitra na mpiara-miasa farafahakeliny isaky ny adiny roa.

**Mifampitsinjova:** Raha mahatsikaritra fambara fiakarana mari-pana be loatra amina mpiara-miasa iray ianao, dia akao rano izy ary manaova tatitra.




NY TOERANA MISY NY

# ENERGY FUELS'

## Topaza-maso kely

### TETIKASA KWALE

Kenya, Afrique de l'Est — 410 MPIASA

Ny toeram-pitrandrahana fasika mineraly Kwale dia nanomboka namokatra tamin'ny taona 2013 ary eo an-dalam-panarenana nanomboka tamin'ny desambra 2024.

**Fiteny:** Anglisy sy Swahili

**Zava-misy mahafinaritra:** Toeram-pambolen-kazo avy eo an-toerana misy karazany 300 no naorina tamin'ny taona 2012. Antsasa-manilan'ireo hazo +400 000 fototra nambolen'ny ekipan'ny Nursery tao amin'ny fari-pitrandrahana arenina sy manerana an'i Kenya no nambolena tao amin'ny toeram-pambolen-kazon'i Kwale. Ny ambiny kosa dia novokarin'ireo nursery any anaty fiaraha-monina nampiofanin'ny ekipa.

### SIEGE

Lakewood, CO — 43 MPIASA

Orinasa tsy miankina nanomboka tamin'ny taona 1970 ary lasa orinasam-panjakana tamin'ny 2005 teo ambanin'ny fitantanan'i George Glaser sy i Steve Anthony.

**Karazan'ny asa eo an-toerana:** Mpitantana ambony, mpahay lalàna, mpahay toe-bola sy mpitantam-bola, fanaraham-penitra sy fitantanana mpiasa

**Fiteny:** Anglisy

**Zava-misy miavaka:** Ny tompon'ny orinasa, Oren Benton, dia isan'ny tompon'ny ekipan'ny Colorado Rockies Major League Baseball tamin'ny taona 1990.

### WHITE MESA MILL

Blanding, UT — 105 MPIASA

Niorina tamin'ny 1979 ny White Mesa Uranium Mill ary ny taona 1980 no nanomboka ny fitrandrahana. Mialoha ny fanorenana dia toby mpividy akora fotsiny no teo. White Mesa Mill no hany ozinina mpitrandraka uranium manana fahazoan-dalana feno sy miodina ao Etazonia, concentré d'uranium (yellow cake), vanadium ary éléments de terres rares (REEs) no trandrahany.

**Karazan'ny asa eo an-toerana:** mikirakira ny fikojakojana sy mekanika indostrialy, opérations, utility, ny aroloza sy fiarovana amin'ny taratra, teknisiana momba ny taratra sy tontolo iainana, mpahay simia, injeniera, mpanara-maso sy teknisiana amin'ny laboratoara, elektrisiana, mpanara-maso any amin'ny ozinina, injeniera mpamokatra, sampandraharaha misahana mpiasa, fampandehanan-draharaha sy mpanatanteraka

**Fiteny:** Anglisy (voalohany), Espaniola, Navajo

**Zava-misy miavaka:** Lehibe noho ny fanjakana enina mitambatra ao Etazonia ny San Juan County kanefa latsaky ny 15 000 ny mponina ao aminy.

## PINYON PLAIN MINE
Tusayan, AZ — 40 MPIASA

Hita tamin'ny 1978 ary nanomboka namokatra tamin'ny 2024. Ny Pinyon Plain dia toeram-pitrandrahana uranium ambanin'ny tany trandrahana amin'ny fomba nentim-paharazana amin'ny alalan'ny foreuse à béquille sy extraction en vrac.

> **Karazan'ny asa eo an-toerana**: fitrandrahana, jeolojia, familiana fiara vaventy, fandavahana, fanapoahana, famantsihana, fanadiovana, fanodinana fako, fivezivezen-drivotra, aroloza, fanaraham-penitra, fitaterana akora
>
> **Fiteny:** Anglisy
>
> **Zava-misy miavaka:** Ny Pinyon Plain no tahirin'akora manana uranium amin'ny taha avo indrindra any Etazonia, afaka namatsy an'i Arizona nandritra ny taona maro, ary miasa anaty fitsipika hentitra indrindra maneran-tany noho izy ao anaty toerana manan-tantara.

## TETIKASA BAHIA
Bahia, Brazil — 16 MPIASA

Tetikasam-pitsirihana vangongom-pasika mineraly mavesatra ahitana ilménite, rutile, zircon ary monazite tamin'ny May 2022. Eo am-panaovana forage hanamarinana ny tahiry sy hametrahana ny lamin'ny fitrandrahana amin'izao fotoana izao.

> **Karazan'ny asa eo an-toerana:** mpitantana, teknisiana, mpahay lalàna sy fiaraha-monina, mpanao forage, laboratoara, fampandehanan-draharaha
>
> **Fiteny:** Portugais (voalohany), Anglisy
>
> **Zava-misy miavaka:** Ao Bahia no betsaka olona afro-brésiliens indrindra ao amin'ny firenena. Ny mozika, ny finoana, ny sakafo, ny fiteny sy ny dihy dia tena mitovy amin'ny any Afrika andrefana.

## LA SAL COMPLEX
La Sal, UT — 50 MPIASA

Ny faran'ny taompolo 1960 no nanamboaran'i Cleghorn sy Williams ny tonelina fidirana amin'ny toeram-pitrandrahana Decline sy Pandora, misy puits d'exploitation azo idirana sy ivoahana koa. Marteau-piqueur sy camions à pneus no ampiasaina ao.

> **Karazan'ny asa eo an-toerana:** fitrandrahana, mekanika, fandavahana, opérations, aroloza sy fahasalamana, elektrika
>
> **Fiteny:** Anglisy
>
> **Zava-misy miavaka:** Eo ambanin'ny tendrombohitra no misy ny La Sal - tandavam-bohitra tokana any Utah natosiky ny magma hiakatra ny tany nefa tsy nipoaka. Vokatr'izay toetany efitra feno vatovato mena ny ety ambany nefa rakotra ranomandry manjopiaka ny eny an-tendrony.

## FOIBE HMS
Perth, Aostralia Andrefana — 30 MPIASA

Niorina tamin'ny 2008 ary novidin'ny Energy Fuels tamin'ny 2024.

> **Karazan'ny asa atao eo an-toerana:** Ekipan'ny mpitantana ambony, anjara asa fampivelaran-tetikasa sy fitarihana, birao, tetikasa, fitantanam-bola, fampandrosoana maharitra, lalàna sy IT, tomponandraikitra sy mpanolo-tsaina
>
> **Fiteny:** Anglisy
>
> **Zava-misy miavaka:** Dia an-tongotra kely miala avy eo amin'ny birao no misy ny Kings Park, izay valan-javaboahary anaty tanan-dehibe midadasika indrindra eran-tany sady mbola lehibe noho ny Central Park any New York.

## TETIKASA VARA MADA
Toliara, Madagasikara — 160 MPIASA

Niforona ny Janoary 2018 ary novidiana tamin'ny 2024. Ao Antananarivo renivohitra no misy ny biraon'ny Affaires Externes, any Toliara kosa ny ekipan'ny Projet.

> **Karazan'ny asa atao eo an-toerana:** Opérations, ekipa mpitantana ny raharaha ivelany, ekipan'ny fotodrafitrasa sy Projet, ekipa misahana ny fiaraha-monina, filaminana, mpamily fiara
>
> **Fiteny:** Malagasy, Frantsay, Anglisy
>
> **Zava-misy miavaka:** Toliara dia faritra amorontsiraka manana fiaraha-monina mpanjono matanjaka sy isan'ny toerana tsara indrindra anaovana snorkelling ao Madagasikara.

## TETIKASA DONALD
Victoria, Aostralia

Fifanaraham-pitambaran'orinasa miaraka amin'ny Astron Limited. Kendrena ho amin'ny 2028 ny famokarana voalohany. Tetikasam-pampivelarana fasika mineraly mavesatra efa manakaiky ny fanapahan-kevi-pampiasam-bola farany.

> **Karazan'ny asa atao eo an-toerana:** Fitrandrahana, fikirakirana, aroloza, raharaha ivelany sy fiarahamonina, tontolo iainana sy fanaraham-penitra, familiana fiara
>
> **Fiteny:** Anglisy
>
> **Zava-misy miavaka:** Ny tetikasa Donald dia isan'ny manana otrikarena oxides sy zircon ana terres rares lehibe indrindra ka mahatonga azy ho isan'ireo toeram-pamokarana mineraly critiques manan-danja indrindra eran-tany. Akaikin'i Minyip, tanàna Wimmera kely lasa nalaza noho izy nanodinana ny horonantsary aostraliana "The Flying Doctors" nalaza tamin'ny taompolo 1980 sy 1990.

# Lovam-pianakaviana ao amin'ny Toeram-pitrandrahana: Ry Hemphills

**Ny fitrandrahana dia tsy asa tsotra fotsiny ao amin'i Energy Fuels. Tarazo niampita taranaka mifandimby izy io ho an'ny fianakaviana maro. Vitsy anefa no tena miaina sy mametraka tantara tahaka ny fianakavian-dry Hemphills.**

Ny fiandohan'ny taompolo 1950 no nanomboka ny tantara rehefa nanomboka nitrandraka uranium tany Colorado i Gene Hemphill, niroborobo fatratra ny uranium tamin'izany. Nanaraka ny diany koa ireo zanany lahy Emerson sy Billy ary niara-niasa tany amin'ny mine Complex La Sal, izay lasa ivon'ny tantaran'ny fianakaviany.

Nandray anjara tamin'izany koa i Mindy, vadin'i Billy, rehefa lasa opérateur de concentré d'uranium tany amin'ny ozinina Uravan tamin'ny farany taompolo 1970. Ny rainy izay nantsoin'ny olona hoe "Frenchy" moa dia nifindra monina avy any Frantsa mihitsy ary lasa mpitrandraka nanana ny hajany niaraka tamin'ny Union Carbide.

Niditra an-tsehatra ny taranaka fahatelo ny taona 2008 rehefa niditra niasa tao koa Scott sy Sheldon Hemphill, zanak'i Billy sy Mindy. Vetivety dia nahazo volontany izy ireo. Hoy Scott hoe ny fiarahany niasa tamin'ny rainy sy ny rahalahin-drainy Emerson no nisongadina indrindra tamin'ny asa fitrandrahana nataony. Sheldon koa efa niasa tamin'ny tetikasam-pitrandrahana maro hafa mialoha ny namonjeny ny fianakaviany tany Decline La Sal sy iarahan'izy telo mianaka miasa.

Nitombo indray ny isa rehefa lasa namily fiarabe mpitatitra akora avy any amin'ny toeram-pitrandrahana i Crystallin, zanaka vavin'i Billy. Ny vadiny rahateo izay mpahay mekanika




ao La Sal, miantoka ny fandehanan'ny fitaovana rehetra ka mampandroso ny asa fitrandrahana.

Reharehan'ny fianakaviana Hemphills ny milaza fa izy ireo dia mpitrandraka harena an-kibon'ny tany. Manomboka amin'ny fisintonana akora mineraly sy fandavahana lavaka lalina ka hatramin'ny fitantanana velarana sy famerenana amin'ny laoniny ny toerana ambanin'ny tany, ny tantaran'izy ireo dia maneho fahavononana sy fikirizana, faharetana ary rehareha. Tsy izy ireo irery ihany anefa. Manerana ny toerana hiasan'i Energy Fuels dia mpiasa maro no manana taranaka mandimby miaina sy manohy ny tantara.

Mirehareha sy mankasitraka ireny fianakaviana ireny isika noho ny akony lalim-paka sy maharitra navelan'izy ireo amin'ny orinasa sy ny fiaraha-monina.



## Loabary an-dasy

Fantaro misimisy kokoa ao anatin'ny rakitry ny loabary an-dasy natao vao haingana ny Paikady, Tari-dalana, ary Kolontsaina manoritra ny hoavin'ny Energy Fuels.




FANTARO BEBE KOKOA

## Akon'ny fampahalalam-baovao

Niseho tamin'ny lohatenim-baovao maro be Energy Fuels noho ireo asa misongadina tontosa teo amin'ny sehatry ny uranium sy terres rares. Tamin'ny taona 2025, vaovao 30 no nivoaka momba antsika, izay hitan'ny mpijery manodidina ny 15,5 lavitrisa. Haino vakijery mahery ny 6620 no nanonona ny Energy Fuels. Nisongadina amin'izany ny tao amin'ny CNBC, Financial Times, Mining Journal, ary ireo fampitam-baovao eto an-toerana toa an'i Denver Business sy San Juan Record.

Jereo ato **ireo lahatsoratra** mampiranty ny fandrosoana sy ny akon'ny asantsika.

JEREO IRETO LAHATSORATRA IRETO

# VARAVARANA MISOKATRA

**Tamin’ny ôktôbra lasa teo, ny Energy Fuels dia nanatontosa Varavarana Misokatra tao amin’ny White Mesa Mill any Blanding, Utah.**





Vahiny an-jatony no noraisinay, isan'izany ireo mpikambana avy amin'ny fiarahamonina, tomponandraikitra an-toerana, manam-pahaizana nasionaly momba ny angovo sy ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, mpampiasa vola sy olom-boafidy; samy liana hahita mivantana ny asa ataontsika hametrahana rafitra matanjaka hamatsiana angovo an'i Amerika avy eto an-toerana amin'ny hoavy. Indreto misy santionany amin'ireo nisongadina tao:

**Leland Melvin**, Astronaute-n'ny NASA, injeniera, ary mpilalao tao amin’ny NFL misotro ronono. Nanao lahateny fanokafana nampientanentana izy nanazavany ny ifandraisan'ny asa ataontsika amin'ny teknolojia ampiasaina amin'ny fiarovana, ny sehatry ny aéronautique ary ny fikarohana an'habakabaka ataon'ny firenena.

**Ny Foire Scientifique San Juan County,** izay niarahan'i Energy Fuels nisalahy tamin'ny Utah State University, dia nanasongadina ny talentan’ny mpianatra eo an-toerana ao amin’ny San Juan County sy ny fahaizan’izy ireo maneho ny fomba amolavolan’ny STEM sy ny haitao ny fiainantsika andavanandro.

**Nidina tany amin’ny 427 metatra** ambanin’ny tany ireo mpampiasa vola mba hitsidika ny Pinyon Plain Mine Arizona, sy hijery ny tahirina uranium manana kalitao ambony indrindra ao amin'ny firenena. Hitan'izy ireo maso ny niaingan'ny akora natoraly misy uranium mankany amin'ny ozinina fanodinana, izay anombohan'ny famokarana vokatra nokleary mamatsy angovo nokleary madio ampiasain'ny firenentsika.

Nanomboka tamin'ny fitsidihana ny ozinina mpikirakira uranium sy terres rares, nitohy tamin'ny adihevitra momba ny fahaleovan-tenan'i Etazonia amin'ny sehatry ny angovo, ny rojom-pamatsiana ary ny famoronana zava-baovao ny varavarana misokatra. Nivoitra tamin'izany ny maha zava-dehibe ny asa ataontsika ho an'ny toekaren'i Utah, ny famatsiana uranium sy terres rares ilain'ny firenena ary ny fahazoan'izao tontolo izao misitraka angovo nokleary madio sy azo antoka.

Fankasitrahana mitafotafo ho an’ny mpiasa, mpiara-miombona antoka, mpampiasa vola ary ny vondron’olona ao Blanding izay nahatanteraka io fotoana io. Tena tsy azo lavina ny hery iarahantsika manangana. Ary vao fanombohana fotsiny io...

Liana hijery ireo horonantsary avy amin’ny mpandray anjara fitenenana tamin’ny hetsika "Critically Important"? Jereo eto ny famintinana ilay fotoana »

FINTIN'NY HETSIKA

## Ny zava-misy mifototra amin’ny antonta-kevitra

Ireharehantsika ny asa ataontsika sy ny anjara toeran'ny vokatra vokarintsika eo amin'ny sehatry ny angovo maneran-tany. Saingy tsy ny rehetra no mahatakatra ny akon'izany eo amin'izao tontolo izao. Noho izany dia natomboka ny fandaharana fampahafantarana ho an'ny besinimaro antsoina hoe "Just the Facts", izay zaraina ao amin'ny tranonkala sy tambazotra sosialy, ny onjam-peo ary ireo fampitam-baovao lehibe eto Utah sy Arizona.

